## Epp Anosibe I
## Ankizy miisa 380 nahazo kopia maimaimpoana avy amin'ny CUA 5


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 2 marsa 2019 | Laharana 881 | Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 4: 1-2** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 115), Madagasikara 28 febroary 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Mponin'i Fiadanana sy Mahereza 7 8

# Mitsipaka ny fitrandrahan'ny sinoa




### Fitondrana Rajoelina 2

# Fitondrana miady amin'ny vahoaka



### ZOMA CENTER ANALAKELY 6

## Manatsara hatrany ny sehatr'asa misy azy



### Ruffine Tsiranana 2

## Halevina any Anahidrano Antsohihy

### Vahoaka 3

## Tsy mbola voaaro amin'ny hetrake-traky ny vahiny sy mpanefoefo

### Vina 100 andron'ny ben'ny tanàna 5

## Misy ireo asa mivaingana vita

**Daka kely**

Matory ngah no nifanarahan'ny vahoaka taminareo ry Boaikely a !

### Rock symphonique 4

## Hiaka-dapa ry Kiaka sy Tselatra rahampitso



Fanamarihana ny 8 martsa

## Nikarakara fifaninanana manasa lamba ny Boriboritany miisa 6

Manana ny fanamarihana ny 8 martsa, andro eran-tany ho an'ny vehivavy ny fanjakana, fa ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) koa dia hanana ny fanamarihany manokana. Eo amin'ny Parvis Analakely sy ao amin'ny Lapanr'ny tanàna no hanamarihana izany hanomboka ny 7 mey ho avy izao. Fampirantiana, famelabelarana arahina ady hevigtra mahakasika ny loha-hevitra : vehivavy, sns… no anisan'ny hanamarihan'ny CUA izany. Fa isaky ny Boriboritany koa, nisy tamin'ity herinandro ity ny fifaninanana manasa lamba tamin'ireo boriboritany miisa 6, nisy ny loka efa nomena avy amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ho an'ireo nandray anjara rehetra, ireo 3 voalohany isaky ny Boriboritany kosa dia hisy ny loka manokana ho azy ireo homen'ny CUA sy ny ben'ny tanàna ny 8 martsa izao etsy Analakely. Ho an'ny Boriboritany faha-5 manokana. Ho fankalazana ny andron'ny Vehivavy ny 08 Martsa izay, ny boriboritany fahadimy (CUA) dia nikarakara fifaninanana manasa lamba ho an'ireo vehivavy izay notanterahina omaly zoma teny amin'ny bassin Ambatomainty. Mpandray anjara miisa 18 avy amin'ny fokontany 12: Nanisana, Androhibe, Anjanahary II A sy II O, Tsarahonenana, Ambatomainty, Ambatokaranana, Ivandry, Ambohimirary, Analamahitsy tanàna, Manjakaray II B sy II C), no namaly ny antso. Lamba 20 isa: jeans, drap, lamba madinika, isaky ny mpifaninana no nosasana nandritra ny 20 min, ny Kaominina no niantoka ny koveta ary ny boriboritany no niantoka ny savony. Nialoha ny fanasana ireo lamba dia nisy ny fijerena manokana ny loton'ireo lamba notanterahin'ireo mpitsara ny fifaninanana. Isan'ny masontsivana nandritra izany ny fahadiovan'ny rano avy nanakobanana ny lamba sy ny fahafehezana ny fotoana. Nahazo ny voalohany tamin'izany ny vehivavy mpanasa lamba avy eny Analamahitsy tanàna, faharoa: Tsarahonenana ary fahatelo: Nanisana. Izy ireo dia handray ny fanomezana hatolotry ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana ny andron'ny 8 Martsa 2019 eo amin'ny lapan'ny tanàna Analakely.



*Ny fifaninanana nanasa lamba teny Ambatomaity.*

***Isambilo***

Fifidianana depiote

## Miantso fitoniana ny CFM Vakinankaratra

"Fifidianana madio, mangarahara, eken'ny rehetra ary indrindra lavitry ny korontana no tanjona ho an'ny Faritra Vakinanakaratra". Io no fantatra nandritra ilay hetsika fihaonana notontosaina ny marainan'ny zoma teo, dia ny atrikasa ho fampahafantarana ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana, izay natao tetsy amin'ny efitrano fivorian'ny Prefektiora. Nasaina nanatrika izany ireo mpisehatra ara-pifidianana, fiarahamonim-pirenena, mpanao politika, tompon'andraikitry ny haino amanjery eto an-toerana. Izao no natao dia efa hiarahamahafantatra fa efa antomotra ny datin'ny fifidianana Solombavambahoaka dia ny faha-27 mey 2019 izany. Raha tsiahivina dia efa nisy ny fampiofanana ireo mpikambana ao anatin'ny OVEC na ny «Organe de Vérification et d'Enregistrement des Candidatures" ny 21 febroary lasa teo. Nampahafantarina fa ny talata 26 febroary, ka hatramin'ny 12 martsa 2019 no fepotoana fametrahana ireo antotan-taratasy firotsahan-kofidiana, ho an'ireo hirotsaka ho fidiana Solombavambahoaka, izay aterina any anivon'ireo mpikambana ao anatin'ny OVEC, natao handray manokana ireo antotan-taratasy ny kandida. Tsy eto Antsirabe ihany no hanaovana ny atrikasa tahaka izao fa miparitaka manerana ny Nosy ireo any amin'ny CENI foibe manatanteraka izany. Nandritra izao fivoriana izao dia tonga teto ihany koa ny mpapaka-teny eo anivon'ny CFM, na ny filankevitry ny fampihavanam-pirenena Me Razafimahatratra Valisoa, teto ny tenany dia nanentana ny rehetra hanamafy ny fihavanana, ny fifandeferana ary ny fitoniana. Fifidianana akaikin'ny vahoaka no atao ka zaraina ny toromarika rehetra ara-moraly mba hisorohana ny lonilony eny anivon'ny fiarahamonina. Nandritra ny famelaberana nataon'ny mpitondra tenin'ny CFM dia nambarany fa misy mpisehatra dimy tokony hampitandremana sy homena torohevitra mikasika ny fitondran-tena mahitsy sy mendrika dia ny mpisehatra ara-pifidianana, ny fiarahamonim-pirenena, ny mpanao politika, ny tompon'andraikitry ny haino aman-jery eto an-tanàna ary ny olom-pirenena. Hatreto dia tsara toerana i Madagasikara amin'ny fandalinana ny demokrasia manoloana ireo firenena Afrikana maro. Hantenaina arak' izany fa hizotra antsakany sy andavany ity fifidianana Solombavambahoaka ho avy ity, mba hitazonan'i Madagasikara izany toerana mendrika izany.



***Solohery***

## SARIITATRA : Variana manenjika olona hameno an'i Tsiafahy no 100 andro voalohany





### Ny Valosoa sy fakafaka

## Fitondrana miady amin'ny vahoaka ny fitondrana Rajoelina

Fampanantenana poak'aty, izay no miverimberina amin'ireo Malagasy nametraka ny fitokisany tamin'ny filoha napetraky ny HCC Andry Nirina Rajoelina. Ny anarana filohampirenenna fotsiny no niova fa tsy nisy fiovàna ny fiainan'ny Malagasy, fa ny teo ihany no teo, lasa fisehosehoana ivelany sisa no ataon'ity fitondràna milaza fa haingam-pandeha ity. Vary mora efa eny ambony sambo no nampanantenaina tamin'ireo vahoaka madinika, hampakarina 200 000 ariary ny karama farany ambany raha vao tonga eo amin'ny fitondràna isika, sns… raha tsy hitanisa hafa-tsy ireo ihany, satria ireo no tena miantraika mivantana amin'ny vahoaka madinika nanaovana kobaka mafana hoy ny hiran'ilay mpihira malaza izay. Raha ny tena asa vita aloha hatreto dia ny fiadiana amin'ny vahoaka sy fanenjehana olona ary fanagadrana, izay no zava-bita misongadin'ity fitondrana ity. Re ankehitriny fa misy ny sotasota atao amin'ireo mpiasa ECD eny amin'ny minisitera isanisany amin'ny fandrahonana azy ireo. Ny tao amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny dia efa mpiasa miisa 100 eo no noesorina. Politikan'ny fampananan'asa no tokony hatao fa tsy fandroahana ny mpiasa efa am-perinasa. Tamin'ny filankevitry ny ministra indray dia nisy fanambaràna fa hoesorina amin'ny taniny ireo mponina fa hanaovana fotodrafitr'asa ho an'ny daholobe ny toerana misy azy ireo. Vao tsy misy 2 volana akory no teo amin'ny fitondràna ny TGV/ MAPAR dia fandrangarangàna ady fanesorana vahoaka amin'ny taniny no atao. Raha tena miady ho an'ny daholobe ny fanjakàna dia ny tany lasan'ny karana sy sinoa no tokony halaina, fa tsy ny tanin'ny vahoaka Malagasy madinika sahirana mitady izay harapany no alaina aminy.

***Helisoa***

Ruffine Tsiranana

## Halevina any Anahidrano Antsohihy

Any an-tanindrazany any Anahidrano distrikan'Antsohihy, faritra Sofia no handevenana ny nofo mangatsikan'Itompokovavy Ruffine Tsiranana ny 4 martsa ho avy izao. Ny alakamisy lasa teo no tonga teto an-tanindrazana ny nofo mangatsiakany, rehefa nodimandry tany Frantsa izy ny herinandro lasa teo. Nandrasana tao amin'ny tranony tao amin'ny Villa Soamandina Tsiadana ny razana hatramin'ny omaly, hiala ao anio sabotsy ary hoentina any an-tanindarazany any Anahidrano, izay handevenana azy ny 4 martsa ho avy izao, ao amin'ny fasana izay hilevenan'ny rainy ihany koa dia ny Rain'ny Fahaleovantenan'i Madagasikara Itompokolahy Philibert Tsiranana. Mpanao politika nanana ny naha-izy azy i Ruffine Tsiranana fahavelony, sekretera jeneralin'ny antoko PSD izy, efa senateran'I Madagasikara tamin'ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana, efa ministry ny fitsinjaram-pahefana koa izy tamin'ny fitondrana tetezamita. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Ny Valosoa***



## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy mbola voaaro amin'ny hetraketraky ny vahiny sy mpanefoefo ny vahoaka

Tsy mbola mitoetra ao an-tsain'ny vahoaka ny fitoniana amin'ny fiainany andavanandro miditra amin'izao fahatelon'ny volana amin'izao taona diavina izao. Mbola mamatotra azy isan'andro tsy ahafahany miaina an-kalalahana eo amin'ny tany onenany ny tataovan'ny mety ho lasibatry ny fanilihana azy na herisetra amin'ny tontolo manodidina azy. Niseho izany tamin'andron'ny tetezamita na ny fitondrana teo aloha izay nodimbiasin'ny ankehitriny. Anisany nanafaizan'ny vahoaka ity farany izany zava-nitranga izany tamin'iny fifidianana notanterahina tamin'ny taon-dasa iny. Noheverin'ny maro hifarana eo izany herisetra mitatao mahazo azy izany rehefa tonga ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao. Indrisy anefa fa mbola mitohy ihany izany ka nahavery hevitra ny maro indray. Anisan'ireny ny tranga, izay nahabe resaka ny maro, ny any amin'ny faritr'atsimo andrefan'ny Nosy momba ny tontolo iainana sy zava-boahary, mifandray amin'ny fihetsiky ny vahiny ka mampitaraina loatra ny mponina any an-toerana. Ny voalaza dia ireo mponina indray no hiharan'ny antsojay ary toy ny manana fanjakana mpiaro. Miseho ihany koa izany tranga fanilihana izany toy ny raharaha vao mitranga eny Marohoho sy ny manodidina amin'ny resaka tany izay lasan'ny vahiny mpanambola mpanefoefo. Mitaraina ny vahoaka amin'izany tanàna izany fa tsy mihaino toy ny nataon'ny teo alohany ny fitondrana ankehitriny. Santionany ireo fa mbola maro ireo tranga toy izany manerana ny Nosy. Miditra amin'ny fahatelo volana izao tsy nahenoana fiaviana hiady amin'izany sy hamaha izany olana izany ny fitondrana Rajoelina. Hatreto izany, tsy mbola azo antenain'ny vahoaka hiaro azy manoloana ny "hetraketraketraka " ataon'ny vahiny na mpanambola izay mety ho teratany malagasy io, eto amin'ny taniny ny vahoaka Malagasy na ny sarambabem-bahoaka. Natao angoan-tenda sy nodradraina ery anefa nandritra ny fampielezan-kevitra ny amin'izay fiarovana ny vahoaka amin'ny tany onenany izay. Moa ho voafitaka ihany indray ity vahoaka mahantra ity?

***Sôh'son***

**Pr Harimalala Joseph**

# Tsy misy mandeha amin'ny laoniny hatreto ny raharaham-pirenena

Elalaela no tsy naneho hevitra an-gazety momba ny raharaham-pirenena ny Pr Harimalala Joseph, fa dia nijery sy nandinika ny ataon'ny fitondrana taorian'ireo tsy fahatomombanana goavana sy nibaribary nandritra ny fifidianana ireny. Tonga tamin'ny tenin-jatovo fahiny mantsy ny fahitany ny raharaham-pirenena, ka nilazan'ny maro fa dia ny hoe: « Efa io aloha no eo ka dia aleo handeha ho tazanina », taorian'iny fiainan'ny filoham-pirenena iny. Na izany na tsy izany dia tsy hay ny hangina hoy ity mpandinika ny raharaham-pirenena ity satria dia tsy misy zavatra mandeha amin'ny laoniny aloha hatreto ny raharaham-pirenena. Araka izany dia ny tenin' Andriamanitra voasoratra ao amin'ny Bokin'i Hosea 4: 1-2 manao hoe : « Mihainoa an'i Jehovah, hianareo Zanak'Israely! Fa Jehovah manana ady amin'ny mponina amin' ny tany, satria tsy misy fahamarinana na fitiavana, na fahalalana an' Andriamanitra eo amin' ny tany fa fianianana sy lainga kosa, eny manao an-keriny izy ka mifanontona ny fandatsahan-drà». Arak'izany hoy ity mpandinika ity dia am-panetren-tena no hilazana fa na inona na inona asa fanadiovana hatao eto Madagasikara dia tsy hitsaha-hitombo ny zavadoza hahazo ny firenena raha tsy ny mpitondra ankehitriny sy isika vahoaka manontolo mihitsy aloha no mifona sy miverina amin'Andriamanitra satria hoy ny ambaran' ny bokin'i Daniela mpaminany 12:10 manao hoe : «Maro no hodiovina sy hofotsiana ary hozahan-toetra fa ny ratsy fanahy kosa mbola hanao ratsy ihany», ary aza adino hoy hatrany izy fa ny tenin'Andriamanitra dia milaza hatrany, araka ny voasoratra ao amin'Isaia 3: 11-12 manao hoe : «Lozan'ny ratsy fanahy! Hiharan'ny ratsy izy, satria ny valin'ny nataon'ny tanany ihany no hanody azy, dia zaza no mampahory azy, ary ireo vehivavy no manapaka azy. Ry oloko o! ny mpitarika anao no mampivily anao sady mandrava ny lalàna alehanao». Arak' izany ambaran'i Jesosy Kristy izany dia toy ny firafitry ny bokotr'akanjo ihany ny fizotry ny fitantanana ny firenena tompoko ankehitriny, ka na te hiova sy hanara-dalàna tahaka ny inona aza ny aty ambany kanefa ny fitondran-tena sy ny fiainam-panahinareo mpitondra ambony tsy miova, dia tsy misy fampandrosoana ho vanona izany eto! Koa eo anatrehan'izao fampahoriana lalina mianjady amintsika vahoaka izao dia andeha isika rehetra sy ny mpitondra hifanaiky sy hiverina amin'Andriamanitra sy hino an'i Jesosy Kristy, ho fanavotana ny firenena satria hoy ny ambaran'ny ao amin'i Jaona 3: 36 manao hoe: « Izay mino ny zanaka no manana ny fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny zanaka dia tsy hahita fiainana fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy». Eto am-pamaranana dia hiaraha-mahita fa tsy mitsaha-mitombo ny fahoriana mianjady eto amin'ny firenena ary tsy tambo isaina ny loza mifanesy satria dia efa manantontanona any indray ny andiam-balala ankehitriny, izany dia miseho nohon'ny fanjakan'ny tsy fahamarinana, ny lainga sy ny fianianana tsy araka ny izy, ny fireharehana sy fitiavam-boninahitra, ka samy manao izay tiany ny ankamaroan'ny olona ankehitriny satria efa niala an' Andriamanitra ny mpitondra. Noho izany dia aoka hiverina amin'Andriamanitra isika satria hoy i Jesosy Kristy araka ny bokin'ny Tantara faharoa 7: 13-14 manao hoe : «Koa indro, raha mampihantona ny andro Aho, ka tsy misy ranonorana latsaka, na asaiko mandany ny tany ny valala, na anaterako aretimandringana ny oloko, raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako no ho avy hanetri-tena, ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny ». Arak'izany dia miandry antsika hiverina amin'ny Tompo, hilaminan'ny tany satria aza adino fa niala tamin'ny mpitondra ankehitriny sy ny vahoaka nolazaina fa maro an'isa nifidy izany ka dia izao no hiainan'ny firenena. Am-bava homana tompoko!

***Lezama***

Fifidianana depiote

# Nirotsaka kandida ny lehiben'ny faritra Anôsy teo aloha

Mihisatra dia mihisatra ny firotsahan'ireo kandida depiote, hihazakazaka ho eny Tsimbazaza tato anatin'ny andro maromaro nisokafan'ny fisoratana anarana teny amin' ny OVEC, manerana ny faritra maro manerana ny Nosy. Raha ho an'ny faritra Anôsy manokana dia ny lehiben'ny Faritra Anôsy teo aloha Razafindramaro Tanjaniaina Julio no kandida voalohany tonga nametraka ny antotantaratasy firotsahan-kofidiana ho solombavambahoaka tao amin'ny Distrikan'i Taolagnaro. Omaly marainan'ny zoma 1 martsa no nametrahan 'ity farany ny dosieny tao amin'ny OVEC Faradofay, notronin'ireo mpiray lisitra sy mpanohana azy izy tamin'izany. Anisan'ny nafana fo tao amin'ny antoko HVM ity lehiben'ny faritra Anôsy teo aloha ity, fa amin'ny tsy miankina no hirotsahany amin'izao fifidianana izao.

***Helisoa***

## NY TENY FIAINANA



***Apokalypsy 19:1***

*Rehefa afaka izany, dia nahare hoatra ny feon'ny vahoaka betsaka tany an-danitra aho nanao hoe: Haleloia! Ny famonjena sy ny voninahitra ary ny hery dia an'Andriamanitsika."*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy eken'ny mponina ny fitandrahana ataon'ny sinoa any Fiadanana sy Mahereza Ambohidratrimo



**Bakoliarisoa Andriamiseza :** tsy rariny kosa e. Dia ho aiza ireo mponina ao? Marina ny an- dry zareo? GRRR!!!

**Walker Tj Rakotoson :** tongavan'ny Emmoreg indray izao fa hampirimo ireny banderole ireny. Hihihiiii!

**Harison Luc :** ny lalana avy eto Alakamisy Fenoarivo no hidiran'ny camions be an-dry zalah dia tsy azo hatao hoe lalana intsony rehefa avy ny orana, na dia herika aza, kanefa dia azo nandehanan'ny fiara madinika izy talohan'ny nanotoran'ny sinoa tany lamoka ilay lalana, tokony handray fepetra ny fanjakana satria lalana azo nandehanana tsara talohan'ny nidiran'ny sinoa teo.

**Ny Aiko Andraina Tsaratia :** tsy hisy paty sinoa intsony izany. hihihiiiii!

**Lalao Ramamiharison :** iza ;d oviana indray ny varotra io tany io natao zao; mitomany anao ahy ry tanindrazako.

**Geipy Raf :** tsy misy afa-tsy ny fandraisan'ny vahoaka antanany ny tontolo iainany sy ny firaisankina ihany no hampiova zavatra.
Mila mazava sy mangarahara daholo izay fotodrafitr'asa rehetra atao hazava ho an'ny vahoaka fa tsy kobokobonina any sy lazaina mahasoa ny vahoaka na hoe tombontsoa iombonana.

**Joelison Rafenomanantsoa :** tandremo sao misy mahazo vola d mangina indray ny mpitarika.

**Noro Ramanoarison Rafidison :** mankahery anareo.

**Syl Sly Rass :** samia miaro ny taniny satria any Chine tsy azon' ny Malagasy hitrandrahana na oviana na oviana.

**Martial Tovonirina :** Fanjakana inona no handrasanareo fa tonga dia ataovy mihinan'IEM any daholo !

## TONONKALO

### Ho an-dRavavàna sy Rabetsikera

Fa hay ve tsy zakanareo ny tsikera
Rehefa ianareo no nahazo ny seza ?
Nanao koa `nareo ka dia mba mihevera
Fa samy ifanaovanareo io ry ngeza .

Taloha ianareo tsy nitsitsy fiteny
Fa ozona sisa tsy teny amin`ny vava.
Ka saino ny fomba fanao toy ireny,
F`irony diavolana anie mbola ho lava !

Ny teny tsy atao amin`ny hafa , hono, mantsy,
Ny mbola ifoterany, izay no tsy laitra.
Ka aza variana ny mamely fantsy
Sao tratry ny tampoka ka eo vao taitra.

Mba lanjalanjao ny fiteny rehetra
Fa mila fehezina ny serasera.
Fantaro ihany koa fa mba misy ny fetra
K`ataovy am-pisainana re ny tsikera !

***DADAN`i ZINA (01-03-19)***

### Boriboritany faha-2 (CUA)

## Mandroso ny fanatanterahana ny vina 100 andron'ny ben'ny tanàna

Mandroso ny fanatanterahana ny vina 100 andro, izay napetrak'i Ramatoa ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana, ao amin'ny Boriboritany Faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Mamaramparana ny asa izay fanatsarana ny endriky ny tsenan'Ambanidia amin'ny ankapobeny ny boriboritany faharoa, miaraka amin'ny mpiasan'ny DTP (CUA), sy ireo mpiara-miombon'antoka. Raha tsiahivina dia natomboka tamin'ny alatsinainy 25 febroary teo ny asa fandokoana ny fefin'ny tsenan'Ambanidia sy ny famerenana amin'ny laoniny ny vavahady hidin'ny tsena (soudure anatiny sy ivelany), izay nofaranana omaly zoma. Izany rehetra izany dia ao anatin'ny fanatanterahana ny vina 100 andro, izay napetrak'i Ramatoa ben'ny tanànan'Antananarivo avokoa ary ny tanjona dia ny mba hahatonga ny tsena tahaka itony ho maha te hitsidika sy ho tsara endrika hatrany.


*Fanatsarana ny endriky ny tsenan'Ambanidia, ao anatin'ny fanatanterahana ny vina 100 andro.*

**Helisoa**

### Boriboritany faha-6 (CUA)

## Manatanteraka ny vina 100 andron'ny ben'ny tanàna ihany koa

Ho fanatanterahana ny "Vina 100 andron'ny ben' ny Tanàna" Lalao Ravalomanana, dia nanomboka ny asany avy hatrany ny tao amin'ny boriboritany fahaenina, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) afak' omaly maraina. Nisy araka izany ny fandokoana ny anatiny sy ivelan'ny tsenan'Ambohimanarina, ankoatran'ny asa fanadiovana ny tsena isan'andro. Hisy ihany koa ny fanoloana ireo tafo fanitso izay efa tranainy ao amin'ny tsena. Hasiana irony tafo fanitso"transparent" irony mba hampazava ny ao anatin'ny tsena. Izany rehetra izany dia ezahina hovitaina mandritra ny 4 herinandro. Izao no tontosa dia nohon'ny fiaraha-miasa teo amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny boriboritany fahaenina hatrany. Ankoatran'ny fandokoana ny tsena, dia namboarina ihany koa ny "bouche d'incendie" eo amin'ny tsena, izay marihina fa efa tsy niasa efa an-taonany maro nohon'ny fahasimbany. Naverina amin'ny laoniny izany ankehitriny mba hanalana ny fahasahiranan'ny mponina sy ny mpamonjy voina raha sanatria ka misy famaizana eny an-toerana. Nandray andraikitra mavitrika tamin'izao famelomana indray ny "bouche d'incendie" izao ny CUA sy ny mpamonjy voina ary ny Jirama.


*Fandokoana ny tsenan'Ambohimanarina, anisan' ny fanatanterahana ny vina 100 andro.*

**Aly**

### Rock symphonique

## Hiaka-dapa ry Kiaka sy Tselatra rahampitso

Masaka ny nahandro. Ora sisa no isaina. Tonga ilay fotoana nifanomezan'ny mpikarakara sy ny mpankafy ny mozika rock. Araka ny efa fantatra, rahampitso amin'ny 3 ora tolakandro no hotanterahina etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy ny Fanatanjahantena Mahamasina ilay fampisehoana lehibe «rock symphonique», izay hiarahana amin'ireo mpiangaly ny mozika rock malagasy dia ny tarika Kiaka sy Tselatra ary i Lija. Fampisehoana izay karakarain'ny Live Prod ary tafiditra ao anatin'ilay «Mifampitantana». Araka izay maha «rock symphonique» azy izay dia hisy ireo mpiangaly zavamaneno misy tadiny efa matihanina hiray seho hiaraka amin' ny tarika mandritra ny fampisehoana ankoatra ireo efa mpitendrin'ny tarika tsirairay. Efa vonona avokoa ny rehetra raha ny nambaran'ny mpikarakara ary manome toky izy ireo fa hampiasa ny fitaovana raitra sy goavana mba hametrahana amin'ny toerany ny rock malagasy. Raha ny momba ny seho indray dia hisy toy ny mahazatra ny seho an'ny tarika tsirairay, hisy ny hira vitsivitsy izay hiarahana, santionany ohatra ireny efa hita sy heno amin'ny haino aman-jery ireny ary koa ny fifampindramana hira, izany hoe ny hiran'ny tarika iray ho hiangalian'ny ankilany. Marihina fa efa nisy ny fiarahan'ireto tarika lehibe mpiangaly ny rock malagasy ireto tao Antsahamanitra, tao anatin'ilay «Rock mandrakizay», roa taona lasa izay ary dia tena fahombiazana tokoa, saingy mbola endri-tseho hafa koa ity ao anatin'ny «Hifampitanana 2019» ity. Arak'izany dia ny mpankafy sisa andrasana fa efa matotra avokoa ny fikarakarana rehetra, hoy hatrany ny mpikarakara.


*Efa vonona tanteraka ry zalahy.*

**Andriam**

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho gasy rony indray no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na karaoty miaraka aminy, dia mihinàna finaritra tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Kyste amin'ny vehivavy, mety ho sitrana anatin'ny 3 volana

Kyste amin'ny vehivavy, mety ho sitrana anatin'ny 3 volana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mety ho tratry ny fivontosana amin'ny tranon'atodin'aina avokoa ny vehivavy rehetra. Misy karazany izy io ary ilana fandidiana raha tsy afaka ho azy. Fivontosana ny "kyste". Misy karazany hoe "fonctionnelle" sy «organique » ary « dernoïde », izy io. Fantaro anefa fa mety hivadika homamiadana io "kyste" io. Vokatry ny fikorontanan'ny tsiry mpanentana ny "kyste" amin'ny tranon'atodin'aina. Mahafaty ny "kyste" raha tsy voatsabo ara-potoana. Raha ny tokony ho izy dia mihena ho azy, ao anatin'ny telo volana, ny "kyste". Hatao "échographie" aloha izany, amin'ny fiantombohan'ny fadim-bolana, mihinana fanafody na mampiasa astuce , raha toa tsy mihena mihitsy ilay "kyste" dia mila omena fanafody indray na mamerina astuce indray aloha . Raha tsy afaka mihitsy dia didiana na rehefa lehibe loatra sy manelingelina. Inona no fisorohana? Ankoatra ny fanatsaràna ny fomba fiaina : sakafo ara-pahasalamana sy fanatanjahantena, dia tokony hanao "échographie", farafaharatsiny in-droa isan-taona ny vehivavy. Mila manatona dokotera ihany koa ireo vehivavy avy amin'ny fianakaviana efa nisy "kyste" tao anatin'ny fianakaviany.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Mahavelona Foulpointe any amin'ny faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Foulpointe na Mahavelona, ao amin'ny distrikan'i Toamasina faha-2, faritra Atsinanana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Faritra amorondranomasina i Foulpointe, ny haavon'ny faritra avo indrindra ao aminy dia 9 m. Andranonampango no anarany tany aloha, niova ho Mahavelona izany avy eo. Toerana stratejika amin'ny fanafihana avy any an-dranomasina ity tanàna ity, ka nananganan'ny Mpanjaka Radama I manda na fort tamin'izany fotoana izany, antsoina hoe Mandan'i Mahavelona. Ny anarana Foulpointe kosa dia azony tamin'ny fandalovan'ny sambo Anglisy antsoina hoe Full tao amin'ny faritra maranitra na pointue an'i Mahavelona, sambo izay nitondra entana fanomezana isan-karazany. Tao Foulpointe koa no toerana nanakalozana andevo tamin'izany fotoana izany, nisolo ny Helodranon'i Antongil. 54 km miala an'i Toamasina no misy azy, ny fizahantany sy ny jono no foto-piveloman'ny mponina, eo koa anefa ny resaka fambolena, indrindra ny voly jirofo.



## I Korintiana 4: 1-2

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 115), Madagasikara 28 febroary 2019

***I Korintiana 4: 1-2 "Aoka hataon'ny olona ho mpanompon'i Kristy sy mpitandrina ny zava-miafina izay an'I Jehovah Andriamanitra izahay. Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky."***

Renareo izay ny FANAMBARAKO, voarainareo izay ny FANAZAVAKO, tsapanareo izay ny FAHAMARINANA avy Amiko ny amin'izay tokony ho fomban'ny mpitandrina na ny atao hoe pastera, iray ihany ireo. Fantaro anie izao takiako JEHOVAH amin'ny mpitandrina e! Toy izao no tokony ho hita sy mendrika izany Asa Masina izany. I Timoty 3: 1-7 *"[Ny amin'ny olona miendrika hatao mpitandrina sy diakona] Mahatoky izao teny izao: Raha misy olona maniry ny asan'ny mpitandrina, dia maniry asa tsara izy. Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry, tia filaminana, mampiantrano vahiny, mahay mampianatra, tsy mpimamo lian'ady, tsy mpikapoka, fa mandefitra, tsy mpila ady, tsy mpitia vola, manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amin'ny fahamaotinana tsara (fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny fiangonan'i Jehovah Andriamanitra?), tsy izay zazavao amin'ny fivavahana, fandrao hieboebo foana izy ka ho latsaka amin'ny fahamelohan'ny devoly. Ary tsy maintsy ho tsara laza koa amin'izay eny ivelany izy, fandrao ho lavo amin'ny fananantsiny sy ny fandriky ny devoly."* Hitanareo amin'izany ry pastera mpanompoko rehetra. Mora ary tena mora ny asan'ny mpitandrina raha manaraka tsara ny dingana ny fiangonana. Nahoana moa no atao hoe mpitandrina?

1- Ny mpitandrina na mpiandry na pastera izany dia mahalala tsara ireo zava-misy sy mitranga eo amin'ny mpino izay oharina toy ny ondry andrasana.

2- Ny mpiandry na pastera, izay rehetra mitandrina eo amin'ny toerana na Fiangonana anankiray dia tsy tokony mialaala, mifindrafindra, mihozongozona. Eo an-toerana izay nametrahana azy eo foana izy mandra-pijanony amin'izany asany izany.

3- Ny antony dia ny mba hifankazaran'ny mpino ao amin'ny Fiangonana. I Timoty 3: 2ᵇ, mahay mampianatra.

4- ***Titosy 1: 7-9*** *"Fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, fa mpitandrina ny an'i Jehovah Andriamanitra, tsy mitompo teny fantatra, tsy mora tezitra, tsy mpimamo lian'ady, tsy mpikapoka, tsy tia harena maloto, fa mampiantrano vahiny, tia ny tsara, mahonon-tena, marina, masina, mahonom-po, mitana mafy ny teny marina araka ny efa nampianarina, mba hahaizany hananatra amin'ny fampianarana tsy misy kilema sady handresy lahatra ny mpanohitra."*

5- Ny itakiana izany rehetra izany dia ny mba tsy hanan-tsiny koa hianareo eo am-piandrasana ny fihavian'i JESOSY KRISTY na voafitaka na tsy mahalala

6- Fanahin'olona no ambenana sy arovana mafy fandrao tsy mahatoky ary ampanantenaina fiainana mandrakizay.

7- Fantaro ireo rehetra voalaza ireo fa tokony ho toetra sy fomban'ny mpiandry na mpitandrina

8- ***I Petera 2: 25*** *" Fa efa nania tahaka ny ondry hianareo nefa ankehitriny dia efa niverina ho amin'ny mpiandry na ny mpitandrina ny fanahinareo hianareo"*

9- Ny pastera koa dia natao ho mpitandrina ny zava-miafina izay AHY JEHOVAH ary dia manao izay mampandroso ny fanahin'ny olona ao anatin'ny Fiangonana

10- Tokony ho hain'ny mpitandrina izay ao amin'ny Fiangonana ny mampianatra ny zava-panahy eo amin'ny mpino

11- Mampianatra zava-panahy toy ny Batisa, ireo dingana takiana indrindra fa ireo Fanomezam-pahasoavana isan-karazany, ny amin'ny vavaka, ny alim-bavaka, ny fifadiankanina, ny fanoloran-tena, ny fahamasinana sy ny fahamarinana

12- Ny mpitandrina dia mampitandrina mba tsy ho diso hevitra ny olona manompo an'i JESOSY amin'ny fahadiovam-po sy fitiavana, tsy adino ny mampianatra ny FITSARANA sy izay ho fiafaran'izao tontolo izao ary ny ao ambadik'izao fiainana izao dia ny paradisa sy ny helo.

Izany no andraikitrin'ny mpiandry ny fanahin'ny olona; Noho izany rehetra izany dia tokony hangataka AMIKO mandrakariva izay manao ny ASA mba ho fenoina ny FANAHY sy ho tarihany amin'ny zavatra rehetra mba tsy hisy kilema na ho mpitari-bato vilam-bava araka ny ohatra fantatrareo ka hafa izay lazain'ny vava, hafa izay tondroin'ny tanana. Hoy JESOSY, ***Matio 28: 18-20*** *"Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao."*

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail : jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

# Misy ny asa mivaingana amin'ny vina 100 andron'ny ben'ny tanàna



***Fanatsarana ny birao fiasana, anisan'ny fanatanterahana ny vina 100 andro ao amin'ny Boriboritany voalohany.***

Efa nanomboka ary efa eo am-panatanterahana ny vina 100 andro, izay lamina napetraky ny Ben' ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana avokoa ireo tompon'andraikitra rehetra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Raha ny eo anivon'ny Boriboritany Voalohany manokana dia efa hita taratra ny fisian'ny asa mivaingana. Miompana bebe kokoa eo amin'ny fanamafisana ny serasera sy ny fiaraha-miasa amin' ireo vahoaka mivantana sy amin'ireo mpiray ombon'antoka izany. Araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Andriamatoa Bernard Joseph dia efa mandroso tsikelikely isan-kerinandro ny fanatanterahana ireo vina izay napetrak'izy ireo. Ho an'ity Boriboritany Voalohany ity dia mizara efatra lehibe ny asa izay ho ezahin'izy ireo tanterahana toy ny fanatsarana sy fanamboarana ireo fitaovana ho entin' ireo mpiasa manatanteraka ny asany andavanandro : toy ny fametrahana fahitalavitra izay ho entina manamafy ny serasera, fandokoana ny rindrina, fanovana ny varavarana sy ny varavarankely, eo ihany koa ny fampiroboroboana ny tetik'asa fambolena andrenivohitra eny anivon' ireo EPP, ny fanatsarana ary fitazonana ny fahadiovan'ny tsena, ary farany dia ny fanatsarana sy fanadiovan'ny toerana maro eo anivon'ny Boriboritany voalohany. Ankoatra ireto vina izay tsy maintsy ho tratrarina ato anaty 100 andro ireto dia mbola misy ihany koa ny fanohizana ny asa andavanandron'ny mpiasa. Izany no manamarika fa tena manao ny asany antsakany sy andavany tokoa ny mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra.

***Serge***

## Epp Anosibe I

# Ankizy miisa 380 nahazo kopia maimaimpoana avy amin'ny CUA



***Ny fanolorana ireo kopia ho zaraina amin'ny mpianatra.***

Ankizy miisa 380 no nahazo kopia maimaimpoana avy amin'ny Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) afak'omaly, tao amin'ny EPP Anosibe I. Manan-danja amin'ny fiainan'ny ankizy ny fananana ny kopia nahaterahana, indrindra eo amin'ny fanatontosany ny fianarany, ka hahafahany miatrika ireo fanadinana isan-karazany. Mba hahafahan' ireo ankizy mpianatra eny anivon'ny sekolimpanjakana rehetra ao amin'ny boriboritany enina eto Antananarivo renivohitra miatrika ny fanadinam-panjakana voalohany "CEPE", no sady tafiditra ao anatin'ny 100 andro, vinan' ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana , no nanaovana izao hetsika kopia tamin'ny ankizy miisa 380 ireo izao, hoy ny delegen'ny boriboritany faha-4, Solofo Ramahandrimanana. Mendrika ho deraina ny fihetsika toy izao raha nandray fitenenana ireo solontenan'ny ray amandren'ny mpianatra, Reny mahatsapa ny fahorian' ny vahoaka tokoa ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana, hoy izy ireo. Amin'ny herinandro ambony io kosa no ho zaraina ao amin'ny biraon'ny boriboritany faha-4 etsy Anosy ny kopia ho an'ireo mpianatra amin' ireo EPP miisa 13 hafa. Nofaranana tamin'ny kilalao sy fizarana vatomamy ho an'ireo mpianatra ny lanonana, izay tafiditra amin'ny fankalazana ny andron'ny sekoly rahateo.

***Aly***

## Boriboritany faha-3 sy faha-5 (CUA)

# Mitohy ny fanadiovana ny Canal Andrianampoinimerina

Mitohy hatrany ny asa fanadiovana tanterahin' ny Boriboritany fahadimy sy fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ny Canal Andrianampoinimerina avy eny amin'ny faritr'i Mascar indray no nodiovina nanomboka afak'omaly, lakandrano izay mirefy 1,3 km.

Niara-nientana nanatanteraka ny fanadiovana ny ekipa teknika sy agent d'assainissement avy amin'ny Boriboritany, ny Equipe Spécialisée d'Assainissement (ESA) ary ny Direction des Travaux Publics (DTP). Entanina hatrany ny mponina mba tsy hanary fako eny rehetra eny, isorohana ny fahatsentsenan'ny tatatra ka miteraka ny fiakaran'ny rano.

***Aly***

VAKINANKARATRA

## Nanao hetsika ho tari-dalana ho an'ny mpianatra

Ho fandrafetana sy famolavolana ho matihanina ireo tanora eo amin'ny sehatry ny asa, no isan'ny hetsika goavana tanterahan'ny AUF, na (Agence Universitaire de la Fracophone) aty Vakinankaratra amin'izao hetsika andiany faha-4 izao, notanterahina tamin'ity taona 2019 ity, teto amin' ny toeram-piasan'ny Faritra Vakinankaratra. Tonga nanokatra izao hetsika izao tamin'ny fomba ofisialy ny solontenan'ny Minisitry ny fanabeazam-pirenena sy ny fampianarana arateknika sy arak'asa, ny tale misahana ny fampiofanana ho an'ny rehetra Fiangoa Manapoke Judith , nanotrona izany ny Sekretera Jeneraly ny Faritra Rakotomahandry Thimoté, nahitana ireo mpampianatra, ny mpianatra voakasik'izany sy ireo mpandrindra izao hetsika lehibe izao. Araka ny nambaran'ny solontenan'ny Ministera dia tsara ny hiomanana mialoha mba hahafantaran'ny tanora tsirairay avy amin'ny asa miandry azy any aoriana. Satria efa tantsoroky ny ministera rahateo ny hamolavola tanora ho matihanina rehefa eo amin'ny sehatry ny asa. Mpianatra eny amin'ny ambaratonga fahatelo na ny lycée no voakasika betsaka tamin'ity hetsika ity ato amin'ny Cisco Antsirabe 1 sy Antsirabe 2 aty Vakinankaratra, tsy hadinoana ihany koa ny eny amin'ny sekoly ambony, izay tarihan'ny AUF, AMDRHE, ary ny Institut France Madagascar ho famolavolana ny tanora hirosoana amin'ny sehatry ny asa . Nandritra izany dia maro ireo tompon'andraikitry ny orinasa misy eto Vakinankaratra no nampiranty ny tsara ho fantatra ho an'ireo tanora mpianatra amin'ny sehatra maro misy. Hisy ihany koa ny fitsidihana ataon'ireo mpianatra any amin'ireo orinasa lehibe misy eto Vakinankaratra, mba ho fampahafantarana azy ireo ny paikady sy fahalalana tokony hananana hiatrehana ny asa miandry rahatrizay. Hitohy ny fitsidihana ataon'ireo mpianatra ny lycée André Resampa, Soanindrariny, Andranomanelatra ary Ambohibary. Mandritra ny telo andro ny hetsika, ka tsy hifarana raha tsy ny sabotsy. Vakinankaratra no voafidy handray izao hetsika izao fa mbola hitohy any amin'ny Faritra hafa.

***Lezama***

Zoma Center Analakely

## Manatsara ny sehatr'asa misy azy

Eo amin'ny tontonlon'ny toekarena dia maro ny Tranobe fivarotana eto amintsika izay manatsara ny sehatra asa misy azy. Isan'izany ny «Zoma Center» etsy ampitan'ny Epp Analakely, izay mirefy «2 000 m²» isaky ny ambarantongany ary ahitana tsy ho ela rihana 3 izay andalam-panamboarana. 1 taona lasa izay no nitsirian'ny fidirana 2 eo amin'ity toerana ity, izay miainga avy etsy ampitan'ny Epp Analakely ary mipoitra eny amin'ny «Avenue de l'Indépendance». «Ho fanomezana fahafahampo ny rehetra dia tontosa soa




amantsara ny fanitarana ny rihana voalohany antsoina hoe «Smart Square», izay natao mifanaraka hatrany amin' ny fenitra iraisam - pirenena nanamboarana azy. Ho hita ao anatin'izany ny elektronika, trano fisakafoanana sy hafa... Tranoeva 100 eo ho eo no hisokatra manomboka amin'ity volana Martsa 2019 ity. Ho an'ireo izay liana mikasik'ireo «stand», mbola azo hofaina ao amin'ity rihana voalohany ity sy ny hafa ato amin'ny «Zoma Center» dia etsy Soarano ao amin'ny Baolai ny fanampin - pahazavana » hoy ny tompon'andraikitra. Manafy ny hanatsaran'ny endriky ny eto Antananarivo tokoa ny fanavaozana toy izao, izy mifanandrify amin'ilay tetik asam-panjakana ho hapetraka tsy ho ela eto An-dRenivohitra, izay antsoina hoe «Ville des Lumières».

***Aly***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy. Miarahaba.
Mbola ho ela i Madagasikara vao ho tafarina amin'ny kolikoly fa resaka sy fihetsiketsehana no betsaka. Tokony ho haingana izany raha tsy nisy ny fanonganam-panjakana sy ny hala-bato be vata, satria natao izay fomba tsy hahalany ilay olona tena niady ary miady sy mpiady amin'ny kolikoly dia i Marc RAVALOMANANA. Mikasika ny raharaha kolikoly : tokony hatao ny fanadihadiana fa toa olona akaiky an-dRajoelina hatry ny ela ny vadinn'y DGn'ny BIANCO amin'izao fotoana, ka izay no mahatonga ny fanenjehana ataon'ny BIANCO toa misy fironana pôlitika. Olona ambony nanao fanodinkondinana diplôma ve mbola ho lany Ministra . Matoa anie nisy izany dia nisy kolikoly eh. Koa aiza ny BIANCO. Sa raha amboan'olona dia kary raha vandana fa raha ny ahy dia saka raha hita izao aza fa vandana. Maninoa moa raha alefa any amin'ny BIANCO ny taratasy fitoriana rehetra rehetra natao tany amin'ny HCC nandritra ireny fifidianana ireny dia ho hita eo ny hafitsony. Matoa mantsy ireny fifidianana ireny hitam-poko hitam-pirenena ary naha velon-taraina ny olona maro fa nisy hosoka dia nisy kolikoly be vata tao. Avy aiza ny vola be nampiasain-dRajoelina tamin'ireny no odiana fanina.
Izao dia re fa nentin'ny mpiasa ambony tao amin'ny ministeran'ny serasera mirevy ny fiaram-panjakana 4X4 miisa 2 ka potika. Nefa avo vava ery ny Ministr'izany serasera izany fa hanasazy izay manenjika azy. Sao misy endrika risoriso ihany koa ny fanapenam-bava ny mpanao gazety. Ny miaramila sy zandary ary polisy nasaina nandrava mpianatra mitaky ny zony teny Vontovorona toa nomena indemnité, fa angaha tsy asany no manao izay hampisy fahalemena. Toa mbola midika kolikoly ihany koa izany. Ny polisy, nesorina teo am-pelatanany ny fanaovana passeport sy ny fanaovana fisavana taratasin'ny fiara. Tena marina fa nisy risoriso be tokoa ireo sampandrahraha ireo . Fa saingy raha oharina amin'ny risorisom-pifidianana olona dia tsy misy dikany. Nilaza ireo sendikan'ny polisy fa vonona hanarina ny lesoka; ny tena marina tsy fantatry ny pôlisy dia fihetsiketsehana ihany no betsaka mba hilazana fa tena miady amin'ny kolikoly ny fanjakana. Ka ny pôlisy aloha no azo nanaovana an'izay dia natao. Fa ny tena kolikoly goavana tsy sahy kitihana. Jerena daholo izao 'fusible' rehetra izao fa tsy mahatakon-javatra eo anatrehan'ny vahoaka akory izany. Fehiny : raha tsy ny mpitondra fanjakana ambony any no manome modely, ka esorina ny ministra hita fa nanao kolikoly tany aloha tany, saingy tsy fantatra teo ampanendrena azy, izany no tena lesona ho an'ny be sy ny maro. Raha tsy izany dia resabe fotsiny ihany ny ady amin'ny kolikoly. Esory ireo olom-panjakana ambony nanimba fiaram-panjakana nentiny nirevy tao amin'ny ministeran'ny serasera dia ho hita soritra fa miroso any amin'ny fanjakana tsara tantana ny fanjakana. Fa raha izao fisehoan-javatra izao aloha dia mbola ho ela vao ho resy ny kolikoly. Ary ny tena loza dia ity no sary hita aloha hatreto: "Ianareo tsy mahazo manao kolikoly fa izahay mahazo manao. Ka izay tratranay dia manampoiza fa alaina baraka mba entinay hanafenana ny hatoanay. Koa raha misy miteniteny anay dia ho gadrainay itadiavanay ny fomba rehetra hanagadrana sy hanampenana ny vavany".

***Raharizafisoa Zo***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanala ireo mpivarotra tsy manara-dalàna teny Andravoahangy sy Mascar

Nanomboka niditra tamin'ny hetsika fanalana ny mpivarotra amoron-dalana ny Boriborintany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nitarika izany ny lehiben'ny tsenan'Andravoahangy, Rakotondrafara Eric, niaraka tamin'ny polisy nasionaly ny CP 3, na ny Kaomisarian'ny Polisy Boriboritany faha-3 afak'omaly. Nisy arak' izany ny fandraofana ny entan'ireo mpivarotra tsy manara-dalàna tetsy Andravoahangy ambany ka hatrany Mascar, mbola hitohy mandritra ny herinandro ny hetsika. Izany dia ho fampiharana ny hoe : ny arabe ho an'ny fiarakodia, ny trottoir ho an'ny mpandeha an-tongotra, ny tsena ho an'ny mpivarotra.

***Serge***



*Ny fanalana mpivarotra nataon'ny Boriboritany faha-3 teny Andravoahangy sy Mascar.*

Taranja kick- boxing

## Vonona hitondra avo ny lazan' i Madagasikara ireo atleta

Isan'ny fanabeazana hanampiana ny talenta misy eo amin'ny tanoran'i Vakinankaratra ny haiady kick-boxing. Firenena manana ny lazany aty Afrika i Madagasikara eo amin 'ny sehatry ny haiady kick-boxing. Nanatanteraka ny fifaninanana ligim-paritra ity taranja ity, anatin'ny ligim-paritra miisa 02 izay handraisan'ny ligin'Atsinanana sy Haute-Matsiatra miampy ny eto Vakinankaratra, raha toa ka miisa 09 ny ligim-paritra eto Madagasikara. Nandritra ny roa andro ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny tokontany malalaky ny sekoly Providence Antsirabe. Mahavelombolo sahady ny ho avin'ny kick-boxing ho an'ireo klioba vaovao sy efa nisy hatrizay tamin'ny fizarana ny traikefa tamin'ny fifaninanana nasehon'izy ireo . Efa miendrika fifaninanana Nasionaly no nanehoan'i Vakinankaratra ny fandraisana ny fifaninanana ity ligim-paritra ity. Mpandray anjara miisa 80 mianadahy, ao anatin'ny sokajy kilao 20 ka hatramin'ny 95 no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity ary ny 24 Febroary kosa dia ahitana ady miisa 35, handraisan'ireo mpiady efa matihanina, na ireo efa mpiady tranainy. Ny tanjona teto dia tsy ny fahazoana loka fa ny fifampizarana ny traikefa ny samy mpifanandrina ary hisafidianana ireo ekipa sangany indrindra handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena izay efa natao toy ny tany Italie sy Brésil, mba hitondra avo ny lazan'i Vakinankaratra, izay efa nitazona ny lazany tokoa tamin'ny fandresena nandraisan'ny ekipa anjara teo amin'ny haiady kick-boxing. Efa misokatra amin'ny sehatra maro samy hafa eo amin'ny ho avin'ny tanora i Vakinankaratra ankoatra ny haiady indrindra ny mponina ao aminy, mba hitondra fampandrosoana maharitra. Nanokatra ny fifaninanana teto ny filohan'ny ligim-paritry ny haiady kick- boxing eto Vakinankaratra sy ny mpandrindra ara-teknika.

***Solohery***



*Anisan'ny taranja nkafizin'Antsirabe ny kick-boxing.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanoheran'ny mponina ny fitrandrahana ataon'ny Sinoa any amin'ny kaominin'ny Fiadanana sy Mahereza any amin'ny distrikan'Ambohidratrimo.
















